


## ALAHADY FAHA 23 MANDAVANTAONA -B- 2024



*“« Tsara avokoa ny zavatra rehetra nataony, fa nampalady ny marenina Izy sy nampiteny ny moana » (Mk. 7: 37)”*

Ry Kristianina havana, anio alahady faha-8 n'ny volana septambra, septambra volana ibanjinana manokana ny tontolo iainana araka ny hafatry ny Papa "Manantena ary miasa miaraka amin'ny zavaboary". Ezaka mitohy ataontsika miaraka amin'ny diosezy maitso. Manentana antsika jiaby hiaro sy hikolokolo ny tontolo iainana

Vita iny ny KEN 2024. Miara-misaotra an'Andriamanitra fa nanampy antsika hivelona bebe kokoa ny mahakristianina antsika ary indrindra amin'izao taom-bavaka izao manomana ny taon-jobilin'ny famonjena ka hahatonga antsika ho "MPIVAHININ'NY FANANTENANA MIVELONA NY FIAINANA EOKARISTIKA MAHAFOY MANOMPO AO ANATIN'NY FAHAMARINANA". Raha atao amin'ny teny hafa dia azo lazaina fa tena mampiditra antsika amin'ny SINAODY FAHA 7 IARAHANTSINKA MANATANTERAKA SY MIVELONA MAMPIDITRA ANTSIKA TANTERAKA AMIN'NY FIJANONANA FAHA 3, SESSION FAHATELO HANDALINANTSINKA NY FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIFANASOA MIFAMPITSIMBINA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA. Manentana sy mampirisika antsika hatrany isam-pikambanana, isam-baomieran'asa, isam-pirohotana, isam-pianakaviana, isan'ny eglizy jiaby hanararaotra izao fotoam-pahasovana izao handalina bebe kokoa ny finoantsika mba hahatonga antsika ho kristianina vavolombelona, samy hanana finoana velona fa tsy finoana entim-pahazarana intsony.

Ny tenin'Andriamanitra amin'izao alahady faha 23 izao rahateo mampirisika antsika hiroso lalindalina kokoa hatrany amin'izao isika miatrika ny Sinaody faha 7 izao .

Ny fototry ny fandalinam-pinoana dia i Kristy ka ny toetrany no banjinintsika hahatonga antsika Kristy velona eo anivon'ireo manodidina antsika. Fanahafana an'i Kristy no iezahantsika, haka tahaka

**Vakiteny I :** Iz. 35, 4-7a  
**Tononkira :** Salamo 145  
**Vakiteny II :** Jak. 2, 1-5  
**Evanjely :** Mk. 7, 31-37

an'i Kristy isika amin'ny fiainantsika manontolo, amin'ny toetrantsika ka izay no iezahantsika hivelomana ny maha EOV antsika ka hahatonga antsika ho Eglizy Olo velomin'ny Batemy

miombona miara-dalana mandray an-tanana ka irahina ho Misionera ho Tabernakla Velona hanana fiainana eokaristika.

Misy fotoana eo amin'ny fiainantsika iatrehana zavatra maro mifamahofaho sy manahirana ary mahakivy ka very fanahy mbola velona isika miatrika ireny zava-misy mikiky ny fiainantsika mampitebiteby antsika ireny. Lazaina izany fa indrindra isika miatrika izao fiainana mangidy amin'ny maro izao. Izany indrindra anefa no mahatonga antsika entanin'ny finoana, sy fanantenana ary fitiavana araka ny averimberintsika : OLOM-PINOANA ISIKA, OLON'NY FANANTENANA, OLOM-PITIAVANA. Izany no nasehontsika tamin'ny fankalazana ny KEN 2024, naneho ny finoantsika isika satria ny Eokaristia no loharano sy fototra ny finoantsika. Tsy tanjona anefa iny fa firosaana lalindalina kokoa ka indro miatrika ny Sinaody fijanonana fahatelo manohy ny KEN. Mahavariana ny fandaharan'Andriamanitra fa nataony mifanojo ny KEN sy ny Fijanonana fahatelo ka tsy sarotra ho antsika ny manatanteraka azy . Enga anie izao SINAODY izao mba hanome aim-baovao entanin'ny Fanahy Masina ka ahafahantsika miroso ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA MANORINA ETA. Miandranda fihavaozana tokoa isika hanafaka antsika amin'izay matatopatotra rehetra.

Feno toky isika satria tsy Andriamanitra lavitra araka ny voalazantsika matetika ihany koa ny Andriamanitsika fa Andriamanitra akaiky sy miara-dàlana amintsika mandrakariva. Nanolotra ny ainy ho fanavotana antsika sy mikarakara ary mikolokolo antsika ny Andriamanitsika. Izany ny tian'ireo vakinety telo asongadina amin'izao Alahady faha-23 tsotra mandavantaona izao handalinantsika ny finoantsika fa indrindra ny fiatrehantsika ny Taona pastoraly vaovao ka irintsika vita KEN 2024 hanaovantsika "départ vaovao", hiara-dalana amin'izao fijanonana faha 3n'ny Sinaody izao. Raha atao amin'ny teny hafa dia azo raisintsika miatrika izao KRIZY izao tahaka ny "eksaody" manala antsika amin'ny fanandevozana maro isan-karazany ka mitondra antsika amin'ny fahafahana, fivelarana. Azo lazaina fa tena lalam-panavotana ho antsika raha samy fola-kevitra isika. Tsy afenina fa indraindray maro ny olana tsy maintsy sedraina, mampianatra antsika ny Tenin'Andriamanitra fa Andriamanitra miara-dàlana amintsika mandrakariva fa indrindra ny vakinety voalohany ao amin'ny bokin'Izaia mpaminany, "*Ilazao ny mitebiteby fo ataovy hoe: Makà hery fa aza matahotra.*" Maro tokoa no mety manahirana antsika fa indrindra miatrika ny taom-pastôraly, miatrika ny fidiran'ny mpianatra.

Ny Andriamanitsika dia Andriamanitra mikolokolo sy manasitrana antsika, izany koa ny voalazan'ny Evanjely androany ; namakivaky tànana maro i Jesoa, mamakivaky ny fiainantsika izy ka raha mampiditra sy mampandroso azy eo anivon'ny fiainantsika isika dia ireo zavatra manahirana antsika voalaza tahaka ilay moana sy marenina ao amin'ny evanjely dia hositrarin'Andriamanitra. Maro ny zavatra "mahamoana" antsika sy mahatonga ny sofintsika tsy mitandregny, maro ny zavatra tsy tandregnesantsika satria araka ny voalaza teo dia isika tsy miaraka amin'Andriamanitra. Manatona antsika Andriamanitra milaza hoe "Efata" izao koa no hanokafan'Andriamanitra ny sofintsika sy haniratany ny masontsika, izany no antenaintsika ho tena vokatry ny KEN 2024. Maro ny fiainantsika no sokafan'Andriamanitra satria nandray Azy isika tamin'ireny prôsesio roa dia ny prôsesio nanajantsika an'i Masina Maria niaraka tamin'ny Rôzery ary ny prôsesio nanomezantsika voninahitra an'Andriamanitra tamin'ny KEN ary teo ihany koa ny fiaretan-torin'ny sabotsy alina nanaovantsika vavaka totoafao ary nankalazantsika ny Konfesy. Isaorana Andriamanitra miara-dalana amintsika. Mbola izany no ataontsika amin'izao SINAODY izao tohin'ireo fijanonana teo aloha. Ny tanjona dia ny

mampiditra an'Andriamanitra amin'ny fiainantsika mba hiara-dalana Aminy isika. Ny dikan'ny SINAODY rahateo dia MIARA- DALANA.

Sokafin'Andriamanitra ny masom-pinoantsika sy ny masom-panahintsika, marary ny tontolo telo iainantsika izay fototra ny maha-olona, azo lazaina aza fa mahajamba antsika ka tsy hahitantsika intsony ny lalan-kombana ka manasempotra ny sofintsika izay tsy andrenesantsika ny hafatry ny konsiansy izay maha olona antsika, tsy hoe feon'ny fieritreretana fotosiny ny konsiansy hoy isika averimberintsika fa tena ny maha olona antsika mihitsy, izany no tena ny dikan'ny hoe "konsiansy". Ireo tontolo telo ireo dia sempotra sady marenina no jamba ka very fanahy mbola velona isika izany hoe ny mahaolona mihitsy no potika. Milaza miara-mahita isika milaza izany rehetra izany satria isan'andro vaky isika no mahita ireny tontolo iainana, ny zavaboary maratra ka zary "fahavaloo" mandripaka tanana sy olona maro na amin'ny alalan'ny hain-tany mahatsiravina na amin'ny alalan'ny rian-drano manimba tanana na amin'ny alalan'ny horohoron-tany na tsunami ... Tsy miafina amintsika ihany koa ireny herisetra eo anivon'ny fiaraha-monina, eo anivon'ny fianakaviana ... ka zary valifaty no fenitra. Tena lavitra Andriamanitra satria ny vola sy ny fitiavan-tena no manjaka ka potika tanteraka ny tontolom- pinoana.

Rentsika ny hiakan'ny tontolon'ny zava-boahary manodidina antsika izay efa mitaraina ary mahatsiaro ho potika. Eo indrindra no iantsoana antsika amin'ny alalan'ny vavaka sy ny dinika entin'ny SINAODY ka hanaovantsika, EFATA, izany hoe misokatra ny masontsika, ny sofintsika ka hiezaka isika hikolokolo ny tontolo iainantsika ho DIOCESE VERT, HO DIOSEZY MAITSO NY DIOSEZINTSIKA. Fa raha voakolokolo tsara izany dia hivelatra ny fiainantsika. Izany ny dikan'ny loko maintso, feno fanantenana isika. Izao no fotoana tsara hiezahantsika amin'izany fanavaozana izany satria taranaka mpanorina isika ka hikolokolo sy hanaja ny tontolo iainantsika. Io no vokasiontsika hatramin'ny naharian'Andriamanitra antsika. Raha tanteraka tokoa izany vokatry ny fiovam-penitra mahery vaika eo anivon'ny fitondran-tenantsika. Raha tanteraka izany dia afaka hilaza isika tahaka ao amin'ny bokin'I Jenezy fa tsara avokoa ny zavatra rehetra nataon'Andriamanitra satria nampiteny ny moana izy no nampalady ny marenina. Tsy hanao tahaka ny taloha intsony isika fa hanavao ny fiainantsika ka hanaja ny tontolo iainana.

Toy izany koa ny tontolom-piaianantsika, raha misokatra tokoa ny fo amam-panahintsika araka ny voalaza teo nosokafan'i Jesoa ny fontsika, masom-piaianantsika dia hifanaja isika, hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny, hikatsaka ny soa indrindra ary hiezaka hatrany hanitatra ny fihavanana ampianaran'Andriamanitra ao anatin'ny fifankatiavana, izany hoe "fihavanana sady kristianina no malagasy". Ilay FIHAVANANA NANKALAZANTSINKA TAMIN'NY KEN KA HO FIHAVANANA HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO TOKOA SATRIA MPIRAY TAMPO ISIKA... Vokatr'izany dia ho tontolom-piaianana hanjakan'ny fifankatiavana tokoa ny tontolom-piaianantsika ka hisokatra ny fiainantsika. Aoka hamboly famindram-po, sy fifamelan-keloka isika izay loharano sy fototry ny fandriam-pahalemana sy fihavanana. Io no manambara fa misokatra ny "masontsika" ka mahita ny hafa araka ny endrik'Andriamanitra izany hoe mpiray tampo amintsika. Tsy ho tanteraka izany raha tsy mivelona ny fahafoizana sy fanompoana ao anatin'ny fahamarinana entina handresena ny fitiavan-tena sy avonavona ary ny fialonana isika.

Toy izany koa ny tontolon'ny fiainam-pinoana izay hivelomantsika ny maha zanak'Andriamanitra antsika ka hiverina amin'ny toetra naharian'Andriamanitra antsika dia ny hitovizantsika endrika

Aminy. Izany no fanasitranana andrandraintsika avy amin'i Jesoa ka hahatonga antsika hiloa-bava tahaka ireo olona nahita azy talanjona ka nilaza hoe "*tsara tokoa ny zavatra rehetra nataony, nampalady ny marenina izy sy nampiteny ny moana*"

Ny hivelomantsika izany rehetra izany fa indrindra isika miatrika izao SINAODY izao. Io ny toe-panahy tsy maintsy manentana antsika raha tiantsika ho hisy vokatra ny dinika rehetra ataontsika.

Mananatra antsika koa I Md Jakoba ao amin'ny vakiteny faharoa mba tsy hizaha tavan'olona, mba tsy hisy fanilikilihana. Ny finoana an'I Kristy tokoa dia tsy mba manilika fa mampiombona, mampiray ary izany no mahatonga antsika ho fianakaviamben-janahary ao anatin'ny Tranobe lombonana dia ity tany ity ka ny vokasiontsika dia ho taranaka mpanorina ary ao anatin'ny fanorenana irery ihany fa tsy amin'ny alalan'ny fandravana no mitondra antsika hihavao ary noho isika mihavao dia afaka manavao ny zavatra rehetra araky ny hira izay ataontsika hoe: "Ry Tompo Andriamanitra Andriananahary ..." Azo lazaina fa io hira io no mamintina ny toe-panahy entintsika miatrika ny SINAODY fijanonana faha 3, 3ème session.

Ry Jesoa Tompo ô, ianao namakivaky ny tanana ao amin'ny Evanjely ary namakivavky ny tananay koa tamin'ny KEN teo, koa enga anie hamakivaky ny fiainanay tsirairay, ny fiainan'ny fianakaviana eglizy kely, hamakivaky ny eglizy iombonana, hamakivaky ny eglizy fototra koa lanao fa indrindra amin'izao SINAODY izao ka hizara ny fahasoavanao hanokatra ny masonay sy ny sofinay mba hahare ny hafatrao. Enga anie ianao hamakivaky ny firenenay amin'izao fotoan-tsarotra izao ka hiova ny fonay, hosokafanao tokoa ny fonay ka hitoetra ao Amino.

Ry Jesoa Tompo ô, matetika izahay manakotra ny masonay sy ny sofinao ka tsy maheno ny antsom-pitiavanao, eo koa ny henatra sy ny tahotra ka mahatonga anay tsy ho vavolombelona. Izao anefa ny fotoana tsara, izao no androm-pahasoavana ka sokafy ny fiainanay mba ho fiainana misy anao tokoa Enga anie lanao hitoetra eo anivonay ary izahay hitoetra eo anivonao ka hamokatra ao anatin'ny fiadanana sy ny hafaliana mba hahatonga anay tokoa ho zanak'Andriamanitra, ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Masina Maria Reninay o, Renin'ny Eglizy mivavaha ho anay mba hanana fo misokatra mandrakariva amin'Andriamanitra izahay fa tsy sanatria hikatona kosa amin'ny ratsy mandrendrika anay. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy Erantany ampio izahay mba tsy voafitaky ny rendrarendran'izao tontolo izay mitady mandrakariva handrakotra ny masonay sy ny sofinay. Tohano izay hisokatra amin'Andriamanitra mandrakariva ka hanana "Vina" vonona handavorary ny fiainana miaraka amin'Andriamanitra fa indrindra amin'izao sinaody izao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson